Vo. Sa. Mi.

Volontariat Salésien Missionnaire

Salohy

Volana Février 2016

Teny mahavelona

Mk. 7, 24-30 : "lay vehivavy kananeanina"

24Nony niala teo i Jesoa dia nankany amin'ny **faritanin'i Tira sy Sidona**, ary niditra tao an-trano anankiray, fa tsy te-ho fantatr'olona, nefa tsy nahazo niery. 25Fa vetivety foana dia nisy **vehivavy anankiray nanan-janakavavy azon'ny fanahy maloto nandre izany, ka tonga niankohoka tamin'ny tongony.**26Jentily avy amin'ny firenena Sirofenisa ravehivavy, ary ny nangatahiny taminy dia ny handroahany ny demony amin'ny zanany vavy. 27Fa hoy i Jesoa taminy: **Aoka ho voky aloha ny zanaka; fa tsy mety raha alaina ny mofon-jaza ka atsipy ny amboa.**28Dia namaly ravehivavy ka nanao taminy hoe: **Marina izany, Tompoko; kanefa ny amboa kely koa mba mihinana ny sobintsombin'ny mofon-jaza ao ambany latabatra ihany**. 29Ary hoy i Jesoa taminy: Mandehana, fa noho izany teny izany, dia efa niala tamin'ny zanakao vavy ny demony. 30Nony tonga tany an-tranony izy, dia nahita ny zanany vavy nandry teo am-parafara fa efa nialan'ny demony.

FANDINIHANA:

- **Faritanin'i Tira sy Sidona:** Tanàna any andrefana avaratry Galilée, voafaritra ho an'ny vahiny izany hoe ireo tsy tafiditra ao anaty ny vahoaka an'Israely.

Ity vehivavy ity dia avy amin'ny firenena tsy mivavaka, tsy te-mahalala ilay Andriamanitra tena izy fa manompo karazan-tsampy. Firenena anjakan'ny herisetra, ny haromotana, ny demony, ary ny haratsiana rehetra manohitra ny fisian'Andriamanitra ka manimba tanteraka ny hatsaran'ny zava-boaary. Hany ka lasa firenena mitoka-monina, satria tsy azo ifaneraserana sy tsy azo ifandraisana na ifanakalozana ka dia nihataka lavitra ny vahoaka israelita.

- **Vehivavy anankiray nanan-janakavavy azon'ny fanahy maloto nandre fa ao an-tanana i Jesoa** dia mba nangataka Taminy hanasitrana ny zanany izay azon'ny demony. Na dia mafy aza ny valin-tenin'i Jesoa taminy somary nandà ny fangatahany dia vao maika izy nitalaho nangataka satria noentanin'ny finoana ary fantany fa i Jesoa irery ihany no afaka hamonjy ny zanany. Raha olon-kafa angamba ny teo amin'ny toerany mety efa lasa tsy nanana faharetana noho ny valin-teny azo.N'inon'inona fieritreretan'ny olona azy na dia afabaraka aza izy, tsy norarahiany satria mazava sady tokana ihany ny tanjony dia ny famonjena sy ny fahasitranan' ny zanany. Io no zava-dehibe ho azy.

Noho fahamaontinanaizay nananany mifamatotra amin'ny fitiavany sy ny fijaliany dia nanaiky nampitoviana @ alika izy. Izany hoe ny fahaizana mitondra tena vokatry ny fahalalany ny fahalemeny io dia loharanon'ny fahendrena sy ny fananana herim-po ihany koa. Io no nanosika azy hanana fanantenana fa tsy maintsy hahazo valim-bavaka vokatry ny fiantorahany tanteraka fanampian'Andriamanitra sy ny fahatokisana azy. Hoy izy tamin'i Jesoa: « Eny tompoko, saingy ny amboa kely ihany koa mba mihinana izay latsaka any ambany latabatra »

- **Niankohoka tamin'ny tongony:** Fihetsika naneho fo feno fitiavan-janaka no nasehony, mahatsiaro fa tsy mahavita tena irery fa mila ny fanampiana sy ny famonjena avy amin'i Jesoa izay loharanon'ny Fahasoavana rehetra. Fantany sy efa henony ihany koa mantsy fa i Jesoa no Mesia, tonga hamonjy ny firenena rehetra ary manana ny fahefana rehetra.Nitalaho tamin'i Jesoa izy tahaka ny miteny hoe : Tompo ô, mamindra fo amiko e ! Mba vonjeo ny zanako izay sombin'ny aiko sady saro-

bidy amiko. Hitan'i Jesoa ny toetra tsara rehetra tao aminy, dia noderain'i Jesoa izy hoe : « Ravehivavy, Lehibe loatra ny finoanao, hotanteraka aminao izay nirinao sy nangatahinao »

- **Ny fihetsik'i Jesoa manoloana ity vehivavy fadiranovana sy mampalahelo ary feno fitalahoana ity :**

1°) Fahanginana : Tsy namaly Izy na dia kely, tsy nanankambara manoloana ny fitalahoana miangavy mafy fa nijery azy fotsiny.
2°) Tsy te-hamaly ny fangatahan'ity vehivavy ity i Jesoa fa ohatra nolaviny tamin'ny fomba hafa satria anisan'ny olona vahiny tsy anatin'ny vonjena izy.
3°) Notsapainy hoe hatraiza ny halalin'ny finoan'ity vehivavy kananeanina ity satria ny jentily dia efa nailiky ny fiaraha-monina fa tsy hahazo famonjena.

FIFAMPIZARANA

1) *Fintino anaty fehezan-teny efatra (4) ny evanjely io.*
2) *Inona no mba tena nanaitra anao tamin'ity tantara ity? Hazavao fohifohy.*
3) *Efa mba nahatsapa ve ianao fa nandalo fitsapana (Fijaliana) ara-pinoana? Nanao ahoana no niainana izany?*
4) *Inona no lesona tsoahinao avy amin'ity evanjely ity ho entinao miatrika ny fiainana sy mampitombo ny finoanao?*

II- *Vatsy*

NY TENA ASA MAHA MISIONERA

Ry tanora namana. Mitohy hatrany ny fandinihana sy ny fandalinantsika ny momba ny asa maha misionera ny Fiangonana sy ny Fikambanana Salezianina eo anivon'izao tontolo izao. Hiangina avy amin'ny fampianaran'ny Konsily hatrany isika mba hahafahantsika mandalin an'izany ary hijery, avy eo, ny anjara toeran'ny Fikambanana sy ny Fianakaviambe salezianina.

Manoloana ny asa nanirahana ny Fiangonana dia tsapa fa maro ny asa miandry azy eo anivon'izao tontolo izao. Nandinika sy namakafaka izany ny Konsily faharoa tao Vatikana ka izao no fanambarany ao amin'ny toko faharoa ao amin'ny *soro-dalana momba ny fampielezana ny finoana ataon'ny Fiangonana na " Ad gentes":*

"Mahatsapa ny Fiangonana, izay nirahin'i Kristy haneho sy hamindra ny fitiavan'Andriamanitra amin'ny olona sy ny firenena rehetra, fa asa tsy mifanerana no mbola tsy maintsy hataony. Satria manko olona roa arivo tapitrisa no mbola tsy nahare sy tenin'ny Vaovao Mahafaly, na zara fa nahare. Mitombo isan'andro aman'alina ireo olona ireo, mikambakambana araka ny fomban-drazany, ny lovan-tsofin'ny Ntaolo momba ny fivavahana, ny fiaraha-monina sy ny fiaraha-miasa. Ny sasany amin'ireny manaraka ny anankiray amin'ny karazanm-pivavahana lehibe; ny sasany tsy mbola mahalala an'Andriamanitra akory; ny hafa manda an-kitsirano ny fisian'Andriamanitra; ny sasany aza manohitra Azy. Mba hahazoany mampiseho amin'ny olona rehetra ny misterin'ny fanavotana sy ny aim-panahy entin'Andriamanitra, dia tsy maintsy ho iray donak'afo sy iray petsapetsa amin'ireny fitambaran'olona rehetra ireny ny Fiangonana, tahaka ny

*nataon'i Kristy naka nofo, mba hifandraisany amin'ireo olona niray monina sy nitovy toetra ary fahalalana taminy". (AG n*10)*

Raha hofakafakaina fohy izany voalazan'ny Konsily izany dia izao no azo ambara:

1- Asa tsy mifanerana no mbola tsy maintsy hataon'ny Fiangonana.

Midadasika izao tontolo izao, an-tapitrisa ny olona izay miparitaka eran'ny lafivalon'ny tany, miroborobo ny fandrosoana sy ny teknolojia avo lenta isan-karazany, mirongatra ireo kolontsaina maro samihafa izay mitady hamotika ny maha olona raha tsy mitandrina. Mirongatra koa ireo foto-kevitra sy firehan-kevitra maro izay mifamahofaho be ihany. Izany rehetra izany sy ny maro hafa koa no tsy maintsy hiasan'ny Fiangonana mafy mba tsy ho takona na ho very, sanatria, i Kristy sy ny Vaovao Mahafaly.

2- Endrika sasany eo amin'ny fiainan'ny olona hilazany fa misy ary maro sady sarotra ny asany.

Raha ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly dia efa miezaka ny Fiangonana kanefa mbola maro be ny olona tsy mbola naheno na nandre akory an'izany. Midika izany fa maro tokoa ny vokatra fa ny mpijinja no vitsy, ny mpiasa no tsy ampy na tsy maharaka. Mila mpiasa ny Fiangonana, mila olona vonona hahafoy tena ho an'ny hafa.

Maro amin'ireny olona ireny no mifikitra be loatra amin'ny fomban-drazana, hany ka tsy mety tena mandray ny fahazavan'ny Evanjely. Ao ny mifikitra amin'ny lalan'ny fiaraha-monina ka mihevitra fa ny fivavahana kristianina dia fivavahahan'ny vazaha na ny eoropeanina ihany. Maro ihany koa, araka ny voalaza, no manaraka antokom-pivavahana hafa, indrindra makany amin'ny sekta, izay maniry toy ny anana ankehitriny eto amintsika. Mandeha any ny ankamaroany satria na tsy lalim-paka ny finoany na koa entin'ny fahafinaretana sy ny zavatra ivelany fotsiny.

Fa misy koa, araka ny voalaza ihany, ireo tena manda tanteraka an'Andriamanitra mihitsy ka milaza na maneho amin'ny teniny sy ny ataony fa tsy misy Andriamanitra. Fa ao dia ao koa ireo manohitra Azy, anisan'izany ireo ireo milaza fa ny zavatra hita maso sy azo tsapain-tanana ary azo refesina ihany no azo lazaina fa misy ka azo inoana sy itokisana ary ianteherana.

Izany trangan-javatra eo amin'ny fiainan'ny olona ankehitrainy sy ny fiarahamonina izany ary no asa miandry ny Fiangonana ka tsy maintsy atrehiny. Inona ary no tokany hataony manoloana an'izany rehetra izany?

3- Tahaka an'i Kristy ny Fiangonana ka tsy maintsy miray petsapetsa amin'ireo karazan'olona maro ireo.

Jesoa Kristy no modelin'ny Fiangonana. Niala ny toetra maha Andriamanitra Azy Izy ka naka ny toetran'olombelona, toetra maha mpanompo, niara-nonina tamin'ny olombelona, nifanosihosy tamin'ny vahoaka maro isankarazany, ts nanavakavaka, nampianatra, nifampiresaka, nandresy lahatra, nitory ny famonjena. Tsy afaka ny handositra ireo karazan'olona ireo ny Fiangonana. Ireny aza no tsy maintsy hohatoniny voalohany, ifampiresahany sy ifampidinihany. Izany no maha misionera azy.

4- Don Bosco sy ny voalazan'ny Konsily: ny asa maha misionera ny salezianina miohatra amin maha misionera ny Fiangonana.

Tsy miala amin'ny Fiangonana ny Salezianina, araka ny efa hitantsika, ny asan'ny Fiangonana no asany; ny Vaovao Mahafaly torin'ny Fiangonana no toriny. Saingy ny mampiavaka azy dia mifantoka sy mifototra amin'ny tanora ny maha misionera azy. Ho apostolin'ny tanora, ho mpamonjy sy mpanavotra ny tanora amin'ny lafiny rehetra, ho mpitondra ny fitiavan'Andriamanitra ho an'ny tanora.

Koa tahaka ny voalazan'ny konsily koa dia maro ireo tanora mila famonjena, tsy mbola nandre ny Vaovao Mahafaly sy ny momba an'Andriamanitra sy i Jesoa Kristy. Maro ireo tanora mihevaheva amin'ny finoany, tsy lalim-paka, maro ireo makany amin'ny sekta. Tsy vitsy koa ireo manda sy manohitra an'Andriamanitra noho ny fandrosoana sy ny kolon-tsaina misy ankehitriny, maro no variana amin'ny teknolojia sy ny lamaody isankarazany ka manadino an'Andriamanitra.

Izany rehetra izany dia midika fa mila olona hanampy azy izy ireny, mila mpanabe vonona hitantana sy hanoro lalana azy ireny. Mila mpanabe miara-dalana sy miray petsapetsa aminy tahaka an'i Don Bosco. Mpanabe mahafantatra ny momba azy ireo, ny zavatra iainany, ny olany, ny faniriany sy ny hetahetany. Tena manampy antsika amin'izany ny teny fanentanana nomen'ny Lehiben'ny Fikambanana Salezianina maneran-tany, tamin'iny taona lasa iny, dia ny hoe: "Tahaka an'i Don Bosco, miaraka amin'ny tanora sy ho an'ny tanora".

Izany ary no angatahina sy irina amintsika raha tena teho mpanabe salezianina marina isika. Atao an-tsaina mandrakariva fa misy iraka nanirahan'Andriamanitra antsika ao. Tsy maintsy atao an-tsaina mandrakariva noho izany koa fa asan'Andriamanitra no ataontsika, asa masina, asan'ny Fiangonana ka tsy maintsy tanterahina araka izay irin'ny Fiangonana.

Fifampizarana

1- Araka ny voalazan'ny Konsily Vatikana faharoa dia maro ireo olana sedrain'ny Fiangonana eo ampanatanterahana ny asany. Milaza ohatra sasantsasany amin'izany, indrindra amin'izao andro diavintsika izao?
2- Tokony hihemotra ve ny Fiangonana manoloana ny olana sedrainy? Hazavao ny hevitrao.
3- Manoloana ireo olona maro izay tsy mbola mahalala an'Andrimanitra na manda sy tsy mino sy manohitra Azy, inona no tokony ho toetran'ny Fiangonana ary inona no tsy maintsy ataony?
4- Mahakasika ny tontolon'ny tanora sy ny fanabeaza azy ireny, inona avy ireo olana hitanao sedrain'ny mpanabe, indrindra amin'ny fampitana ny Vaovao Mahafaly?
5- Amin'ny maha VO.SA.MI anao, inona avy no toetra tokony hanananao mba ho tena misioneran'ny tanora marina tokoa ianao?

.

III-Ao amin'ny sekolin'i Don Bosco

NY « RAISON » NA NY « FISAINANA »

I. Ny « fisainana » eo amin'ny Système Préventif n'i don Bosco
   I.1. Ny fisainana tahaka ny singa manasongadina ireo andry roa hafa ilaina amin'ny fanabeazan'i don Bosco
   I.2. Ireo fototra mampiseho ny endrika maha-marina ny fisainana
   - ➲ Fahazavan'ny tanjona, fahaizana mandefitra manoloana ny zava-mitranga, fahaizana mandray olona araka ny zava-misy.
   - ➲ Fahaizana mandefitra sy fahavononana miara-monina miaraka amin'ny olona araka ny zava-misy.
   - ➲ Manampy ny tanora hanao zavatra amim-piekena.
   - ➲ Fahatsorana, fandanjalanjana sy fahatoniana eo amin'ny asa.
   - ➲ Maha-zava-dehibe ny fampianarana sy ny fiofanana ara-koltoraly aman-teknika.

II. Ny endrikin'ny maha-tomombana ny fisainana ankehitriny amin'ny fanabeazan'i don Bosco
   II.1. Ny fisainana ankehitriny dia antsoina hoe "fifampiresahana".
   II.2. Ny Fisainana dia fanabeazana lalina
   II.3. Ny fisainana dia fanabeazana mahay manavaka ny mety sy ny tsy mety.
   II.4. Ny fisainana dia toy ny "fahalalana sy fanajana ny olona"
   II.5. Ny fisainana dia tahaka ny fanampiana ny tanora ho tompn'ny tenany sy ahatsapany ny harena misy ao aminy.
   II.6. Ny fisainana dia rafitra miodina, mora milefitra, tsotra ary tsy mirona amin'ny hafa.
   II.7. Ny fisainana dia ny fanolorana zavatra tsara.
   II.8. Ny fisainana dia ny manaiky sy ny mampiasa ny fandinihan'ny olona.

Tanjona:

>> Ny fitadiavana ny soatoavin'ny fisainana amin'ny fanabeazan'i don Bosco.

>> Manome lanja ny fanabeazana izay manindrahindra ny lafiny tsara ary fametrahana ny fitsipika.

>> Mamporisika amin'ny fahaiza-mihaino, fahalalana ny hafa sy ny fifanakalozan-kevitra amin'ny fomba ifandraisana amin'ny fanabeazana.

Sava-ranonando:

➲ Ny fametrahana ny didy jadona dia loza eo amin'ny fifandraisan'ny olona, indrindra eo amin'ny lehibe sy ny tanora. Matetika ny lehibe manery ny tanora hanaraka izay tiany kanefa lavin'ny tanora izany. Izany no atao hoe "paternalisme na fanaraoraotam-pitiavana" izay maharesy lahatra ny tanora ihany no arahiny, ka mahatonga azy ho olona afaka sy hahatonga azy ireo hitondra tena tsara.

➲ Ankehitriny, manizingizina ny olona amin'ny fampiasana ny lafiny ara-tsaina mikasika ny asa fa eo amin'ny fiainana manokana kosa, miaina ny zavatra atrehina eo no ho eo.

Kanefa izay rehetra mampiasa ny saina ihany no mahatonga ny olona hitondra tena tsara ary heverina fa haharitra.

I. Ny « fisainana » eo amin'ny Système Préventif n'i don Bosco

I.1. Ny fisainana tahaka ny singa manasongadina ireo andry roa hafa ilaina amin'ny fanabeazan'i don Bosco

- ➲ Ireo andry telo mamorona ny fanabeazan'I don Bosco dia samy manana ny maha izy azy kanefa tsy mitovy ny fiasany. Ny fivavahana ohatra no mibaiko ny rehetra ary tanjonan'ny fanabeazany ; ny hamamiam-pitiavana kosa mamaritra ny fomba fanatanterahana ny fanabeazana ary ny fisainana kosa no tetezana mampitohy amin'ireo andry hafa mba ho voadinika sy hisy vokany izy ireo.
- ➲ Ny fivavahana izay atolotsika ny tanora dia tsy maintsy misy dikany sy marina. Ho an'i don Bosco ny finoana arahin'asa no famantarana fa tena mivavaka.
- ➲ Don Bosco mampifanaraka amin'ny taonan'ny ankizy ny fanarahana ny fomba fivavahana toy ny karemy,… Izy tsy manery ny ankizy hivavaka fa kosa manome heviny ny antony hivavahana.
- ➲ Toy izany koa manoloana ny hamamiam-pitiavana izay voalanjalanja sy matotra fa tsy lasa fanaraoraotam-pitiavana. Atao ny fanolorana soso-kevitra mba hanosika ny tanora hanatanteraka amim-piekena fa tsy nohon'ny fanarahany olona ohatra.

I.2. Ireo fototra mampiseho ny endrika maha-marina ny fisainana

Ny fampiasana ny fisainana dia mahatonga ny fahatsapana ny fisian'ny zavatra tsara ao amin'ny tanora na dia heverina fa maditra aza. Ka izany indrindra no mahatonga an'i don Bosco hanam-paharetana sy hanam-panantenana amim-pahatoniana amin'ireo asany. Inoan'i don Bosco noho ny fampiasany ny sainy fa ny olona na dia mpanota aza dia ho voavonjy ao amin'i Kristy. Ka ny mpanabe dia tsy maintsy mino amin'ny fanatanterahany ny fanabeazany fa ny tanora farany izay maditra aza dia manana zavatra tsara ao aminy ary mety hiova ho tsara.

- ➲ *Fahazavan'ny tanjona, fahaizana mandefitra manoloana ny zava-mitranga, fahaizana mandray olona araka ny zava-misy*.

>Ho an'i don Bosco rahefa nazava taminy sy rahefa avy nodinihany sy nofakafakainy ny zavatra rehetra dia notanterahiny tamin'ny heriny manontolo. Ka ny zavatra voalohany amin'ny fisainana dia ny fahazavan'ny zavatra atao: ny tanjona eo amin'ny mpanabe aloha avy eo amin'ny beazina. (Inona ny tanjona?).
>Ny ankizy tsy maintsy mahalala ny zavatra ataony avy eo atosika amin'ny fampahatsiahivana izany.
>Izay no mahatonga an'i don Bosco mamaritra ny fitsipika dieny amboalohany izay misy ny tanjom-panabeazany.

➲ *Fahaizana mandefitra sy fahavononana miara-monina miaraka amin'ny olona araka ny zava-misy.*

>Izany fahazavan'ny tanjona izany anefa dia *vonona ny hilefitra* araka ny zava-misy sy vonona ny handray ny olona araka ny toetrany.
>Izany no mahatonga an'I donBosco *manavao foana* ny làlana efa misy mampifanaraka izany araka ny filan'ny tanora.
>Tsy azo adinoina ary fa ny làlana natao ho an'ny olona fa tsy ny olona natao ho an'ny làlana.
>Ho an'i don Bosco rahefa misy tsy fanatanterahana dia tsy mampihatra avy hatrany ny làlana Izy fa araky ny zava-misy satria tsapany ny fahalemen'ny tanora ka mila mandrakariva ny fampahatsiahivan'ny mpanabe ny zavatra tokony arahina.

➲ ***Manampy ny tanora hanao zavatra amim-piekena***

>Ho an'i don Bosco tsy ampy ny fampitandremana ,.. fa mila ny antony mba hampiaiky ka hampirisika ny hanatanteraka ny zavatra atao.
>Anisany fanampiany ny tanora ohatra amin'ny fanomezana ny famporisihana ny "tafandriamandry" na "mot du soir". (MB 11,222)

➲ ***Fahatsorana ,fandanjalanjana sy fahatoniana eo amin'ny asa.***

>Tsy nisy fanaraoraotana diso tafahoatra teo amin'ny fanarahana ny làlana sy ny fitsipika.
>Tamim-panajana sy fifampitokisana ary firalahiana ny fifandraisana nisy te amin'ny mpanabe sy ny beazina.
>tsy nisy fanasaziana teo imasom-bahoaka fa nantsoina samirery ny diso ary novahana ny olana.
>Ny fifandraisana ampahatsorana ihany no fanalahidy amin'ny fanabeazana, ny ankoatr'izany dia toa mistery ihany noho ny fanarahana ny làlana.
>Izany indrindra no maha-zava-dehibe ny tokontany ahafahana mifandray ary ahafahan'ny tanora miaina ny fisainana.

➲ ***Maha-zava-dehibe ny fampianarana sy ny fiofanana ara-koltoraly aman-teknika.***

Ny fianarana sy ny fivavahana, zavatra roa maneho ny endrika feno ny fanabeazana. Niseho teo amin'ny fanabeazan'i don Bosco ny fikolokoloana ny ara-tsaina: fanomezana fahalalana, fandrangitan-tsaina, fitadidiana, fanehoana ny talenta amin'ny alalan'ny zava-kanto, …. Ny katesizy isaky ny alahady mamaritra ny fifandraisan'ny tantaran'ny fiangonana sy ny tantaran'ny olomasina. Nanentana koa izy ny mikasika ny fitiavana ny tantaran'ny tanindrazana ary nampiofana ny tanora ho matianina na ara-koltoraly na ara-zava-kanto. Nampivelatra ny tanorany i don Bosco tamin'ny fampahalalany ny momba ny firenena hafa sy ny mikasika ny olombelona. Ohatra amin'izany ny fampahalalany ny misiona tany Amerika. Noho ny fikarohany, tamin'ny alalan'ny tantara andampihazo Izy no nampahalala ny système métrique sy décimal tamin'izany andro izany.

II. <u>Ny endrikin'ny maha-tomombana ny fisainana ankehitriny amin'ny fanabeazan'i don Bosco</u>

II.1. <u>Ny fisainana ankehitriny dia antsoina hoe "fifampiresahana".</u>

Eo amin'ny Malagasy dia misy ohabolana manao hoe:"*Ny hevitry ny maro mahataka-davitra".* Ny tsy fisian'ny fifampiresahana matetika no mahatonga ny tsy fifankazahoana ary mazava ho azy koa araka ny fomba fiteny Malagasy fa mampahantra ny miolon-ko ho azy samirery. Fa ny fifampiresahana kosa dia mahatonga ny tanora tsy hatahotra, hahatsiaro tena ny harena misy ao aminy sy hampivelatra izany.

Ny fifanakalozan-kevitra dia mahatonga ny mpanabe ho eo anivon'ny tanora ara-batana ka ahalalany ny manosika ny tanora hanao zavatra, sy ny zavatra eritreretiny. Ny toeran'ny mpanabe dia maneho ny fankatoavany, ary manome lanja ireo safidy nofidiana. Mahay mametraka fanontaniana koa izy mba hampivelatra lavidavitra kokoa ny hevitra. Izany hoe ny mpanabe dia toy ny ivo mamelona ny ady hevitra. Raha tsy manjaka ny *fifanakalozan-kevitra* dia ny lehibe tsy afaka mizara ny traikefany ary ny tanora tsy afaka mandray ireo traikefa niainan'ireo zokiny teo aloha.

II.2. <u>Ny Fisainana dia fanabeazana lalina</u>

Manampy ny tanora ny fisainana hikatsaka ny antony manosika hanatanteraka zavatra iray, amin'ireo loza mananontanona amin'ny zavatra tsy mari-pototra. Manampy koa ny fisainana hahatonga ny tanora hahay hijery ny tsara sy ny ratsy manoloana ireo rivo-baovao miseho be dia be. Ny fisainana mahatonga ny tanora ho afaka mandray fanapahan-kevitra ahafahany mitondra ny fiainany.

II.3. <u>Ny fisainana dia fanabeazana mahay manavaka ny mety sy ny tsy mety</u>

Manoloana ireo hevitra maro miseho etsy sy eroa, ilaina ny mampiasa ny saina hahaizana manao antanatohatra ny zavatra tena ilaina voalohany eo amin'ny fiainana. Izany hoe ny fahaizana mitsara sy manao tombanezaka. Izany rehetra izany anefa dia miankina amin'ny traikefa isan'andro.

II.4. <u>Ny fisainana dia toy ny "fahalalana sy fanajana ny olona"</u>

Manoloana ireo fijery bango tokana mikasika ny fikambanana, ny fampiasana ny fisainana dia manampy ny mpanabe hijery manokana ny olona, hijery manokana koa ny mikasiaka ny tanora, ny tantarany, ny faniriany,… Tsy ara-dalàna ny fanabeazana iray raha tsy manana fomba fijery mivelatra, mandray ireo fomba maro, ireo fomba fiasa, …

II.5. Ny fisainana dia tahaka ny fanampiana ny tanora ho tompon'ny tenany sy ahatsapany ny harena misy ao aminy

Ny fisainana dia manampy ny tanora hahafantatra ny harena misy ao aminy sy ahalalan'ny mpanabe izany ary manome lanja izany zava-tsoa misy ao amin'ny tanora izany. Noho izany indrindra, ilaina ny olona mpanabe mahatoky eo akaikin'ny tanora mba ahafahan'ny tanora manao tombana sy misokatra.

II.6. Ny fisainana dia rafitra mahomby, mora milefitra, tsotra ary tsy mirona be fahatany

Mandrava ny rafitra ny fisainana. Satria mitaky ny fandraisan'anjaran'ny tsirairay sy ny rehetra Izany dia mitaky fandaharam-potoana mazava sy azo tsapain-tanana mba ahafahana manolotra sori-dalam-panabeazana mamporisika na maha te hanao.

II.7. Ny fisainana dia ny fanolorana zavatra tsara.

Mampianatra ny hatsaran'ny fivavahana. Mampitia ny hatsaran'ny hafaliana. Maneho ny fiadanam-po sy ny fahafaham-po amin'ny filazana ny marina. Ny hafaliana ny fiainana ny fitiavana marina. Betsaka ireo hery izay tokony hitantana ny tanora: ao ireo hevitra maro, ireo hetahetam-pahasambarana, ireo nofy ny hatsarana, ireo faniriana ny halemem-panahy. Ireo dia miankina amin'ny mpanabe ny hampivelatra azy ireo. Ka ny fisainana no ahafahantsika mamoha ireo hery anaty ireo.

II.8. Ny fisainana dia ny mankasitraka ary ny mampiasa ireo hairaha

I don Bosco tsy nandà ny fahaiza-manaon'ny zanak'olombelona. Fantany fa ny siansa manampy amin'ny fahafantarana ny olona, ahafahana misafidy ireo fomba fiasa, ary ahafahana mandalina ireo hevitra.

Ho an'i don Bosco, ny fampiasana ny hairaha dia manana ny fahamarinany rahefa hikatsahana ny soa ho an'ny tanora irery ihany.

Tsy ampy ny manam-piniavana fa ilaina koa ny fahaizana ahafahana mamehy tsara ny fanabeazana. (Misy ohatra ny science de l'éducation)

DON BOSCO MANOLOANA NY FANASAZIANA

I don Bosco dia tsy niteny loatra mikasika ny fanasaziana fa nadikany hoe fanitsiana. Ilaina ny fitsipika fa natao hanasoa ny tanora; ny fitsipika natao hiarovana ny ratsy mialoha. Ampiasaina ity fitaovana ity fa miaraka amin'ny fisainana sy fitiavana mba hitondra soa.

I don Bosco tsy nanasazy mihitsy raha tsy efa afa-nenina nanao izay fomba rehetra tsy ahatongavana amin'izany. Soso-kevitra vitsivitsy ary manoloana ny fanasaziana:

Ampiasaina ny fomba ala nenina rehetra alohan'ny fanasaziana
Ho an'ny tanora dia raisiny ho sazy izay rehetra ampiasaina ho sazy
Mijery ny fotoana mety hanasaziana
Tsy maintsy mampiasa ny saina sy ny hamamiam-pitiavana ary ny fivavahana alohan'ny hanasazy
Misy tanjona ny fanasaziana.

Fifampizarana

1 – Lazao ireo antony maro samihafa maha-zava-dehibe ny fisainana eo amin'ny fanabeazan'i Don Bosco?

2 – Ahoana kosa indray ny fomba anatanterahana na ampiharana sy iainana ireo antony ireo, amin'ny fanabeazana amin'izao vaninandro iainantsika ankehitriny izao?

3 – "Mifandray sy mifameno tanteraka ary tsy azo sarahina ny hamamiam-pitiavana sy ny fisainana eo amin'ny fomba fanabeazan'i Don Bosco". Hazavao amin'ny alalan'ny fanomezana ohatra azo tsapain-tanana io fifandarisana sy fifampiankianana ary fifamenoana io?

4 – Hoy isika Malagasy hoe: "Zaza tiana, tsy itsitsiana rotsakazo"; ahoana no ampifandraisanao io fomba fiteny io amin'ny fanabeazan'i Don Bosco? Amarino amin'ny ohatra mazava ny valiteninao.